Tsy ilay mahay miady no lazaina fa matanjaka, fa ny matanjaka dia ireo izay mahavita mamehy ny tena rehefa tezitra

Tatitra azo avy tamin'i Abi Houraira (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tsy ilay mahay miady no lazaina fa matanjaka, fa ny matanjaka dia ireo izay mahavita mamehy ny tena rehefa tezitra".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa ny tena tanjaka dia tsy ilay tanjakin'ny vatana, na koa ny hery aseho mba entina handresena ny olon-kafa, fa ny olona lazaina hoe matanjaka sy mahery dia izay mahavita mitazona sy miady mafy amin'ny tenany sy mandresy ny vatany ihany koa rehefa mirehitra ny fahatezerany. Satria izany dia tena Olona mampiseho ny tanjakany nohon'ny fifehezan-tena sy ny fandreseny an’i Satana.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5351